Nodidiana aho hiady amin'ny olona mandra-pijoroan'izy ireo ho vavolombelona fa tsy misy tompo afa-tsy Allah, ary i Mohammad dia irak'Allah, ary manangana ny soalat sy mandoa zakat

Niteny Ibn Omar (RA), niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe : "Nodidiana aho hiady amin'ny olona mandra-pijoroan'izy ireo ho vavolombelona fa tsy misy tompo afa-tsy Allah, ary i Mohammad dia irak'Allah, ary manangana ny soalat sy mandoa zakat, raha manao izany izy ireo dia voaro amiko ny ràn'izy ireo sy ny fananany, afa-tsy ny zon'ny silamo, ary ny fitsarana azy ireo dia any amin'I Allah."

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Manambara ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah dia nandidy azy hiady amin'ireo mpanompo sampy mandra-pijoroan'izy ireo ho vavolombelona fa tsy hanompo afa-tsy Allah irery ihany, tsy misy mpiara-miombona Aminy, ary mijoro vavolombelona amin'i Mohammad (S.A.W) fa nitongavan'ny hafatra, ary ny hanao zavatra mifanaraka amin'izany fijoroana ho vavolombelona izany amin'ny fifikirana amin'ny soalat dimy isan'andro sy ny alina, ary ny famoaka ny zakat ho an'izay mendrika izany. Raha manao ireo zavatra ireo izy dia miaro ny rany sy ny hareny ny finoana silamo. Tsy azo atao ny mamono azy ireo raha tsy nanao heloka bevava na fahotana izay mendrika ny hamonoana azy araka ny lalànan'ny finoana silamo. Ary amin'ny andro fitsanganan'ny maty dia Allah Tsitoha no hiandraikitra ny fitsarana azy ireo araka ny fahafantarany ny tsiambaratelon'izy ireo.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4211